# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Novambra 2018

# 27 Talata novambra

**Jaona … naniraka azy hankany amin'ny Tompo hanao hoe : Ianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika ?** Lioka 7. 19

***(Hoy Jesosy tamin'i Petera :)*** **Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao ; ary rehefa mibebaka ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao.**
Lioka 22. 32

## Manambara amin'ny Tompo ny fisalasalantsika

*Vakio Lioka 7. 18-28*

Jaona Mpanao batisa, „ilay lehibe indrindra amin'ny mpaminany", dia efa nahare ny feon'Andriamanitra nanambara momba an'i Jesosy hoe : „Ity no Zanako malalako, Izay sitrako" (Matio 3. 17). Indray andro anefa dia nigadra tany an-tanomaizina i Jaona, ka nanjary azon'ny fisalasalana. Nanambara ny hiavian'ny Mesia izy, ary efa nampahafantarina azy fa Jesosy io Mesia io. Jesosy anefa dia tsy nitondra tena toy ny Mesia be voninahitra, manafaka ny olony amin'ny mpanjana-tany romana. Nozahan-toetra ny finoan'i Jaona, ka tsy mba notazoniny ho azy samirery izany, fa noresahiny tamin'Ilay Mpampianany.

Tsy fihetsika tsara tokony hataontsika ihany koa ve izany, ry namana kristiana ? Rehefa mihevitra isika fa mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra, kanefa toa hafa ny zavatra ataony, dia manontany tena isika ary manjary tafiditra ao anatintsika ny fisalasalana. Raha mahazo antsika izany, dia ndao isika hianatra an'i Jaona, hanambara amin'i Jesosy izany fisalasalantsika izany.

Ahoana no fomba namalian'i Jesosy an'i Jaona sakaizany ? Nampahatsahiviny an'i Jaona, aloha, ireo fahagagana nataony, izay efa nambara mialoha (ao amin'ny Isaia 35) momba ny Mesia : „Mahiratra ny jamba, afaka ny mandringa, diovina ny boka, malady ny marenina, atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara" (Lioka 7. 22). Manaraka izany, dia nampanantena Jesosy hoe : „Sambatra izay tsy ho tafintohina noho ny amiko" (Lioka 7. 23), izany hoe : Sambatra izay mbola matoky Ahy hatrany, na dia amin'ny fotoana handavana Ahy aza.

Ho an'ny tsirairay izany fampanantenana izany, ary indrindra ho an'ireo izay enjehina noho ny finoany an'i Jesosy. Izy Jesosy dia manambara fahasoavana, ka mampahery sy mitondra fahazavana.